

## RAMILISONINA

Hiarahantsika manaiky angamba fa efa hatry ny ela ihany no niventesan'ny maro teto Madagasikara ilay hira manao hoe "sosay, sosay lakamena ê hoany Alaotra".

Toa nofinofy sy rediredy izany angamba hoy ny sasany. Env marina tokoa izany satria, raha ny zavatra efa tamin'ny 200 taona lasa no resahina dia toy ny rediredy, fa ny maso moa tsy nahita ary ny olona niaina tamin'izany vaninandro izany dia efa tapitra ringana daholo.

Ny lasa anefa no antoky ny hoavy, ary maty nanao soa ka tsy maty fa matory. Tsy nanonofy na nihinan-kena tsy fantatra anarana ireo mpihira, fa ny maso mandova hita, ary ny sofina mandova reha. Koa indro ankehitriny atolotro ho jeren'ny maso sy ho tsapaintsika taranaka mandimby tanana, ilay lova soa sarobidy sy sangan'asa napetrak'ireo Razamben-tsika malagasy efa nodimandry 200 taona lasa.

Tamin'ny taona 1959 no nisy zazalahy kely mpiandry omby nahatsikaritra tsy nahy voalohany ity lakana tsy manam-paharoa ity. Vao ny lohany fotsiny anefa no tazana tamin'izany\*

Ny taona, 1961, dia nisy mpikaroka iray nandeha njery izany vaovao izany "Pasitera Hardyman 1964" (1). Tamin'izany no nilazan'ny zokiolona tokony ho 90 taona tao an-toerana taminy ny lovan-tsofina momba ny lakamena.


Ilay lakamenan'i "Didy" moa no lohatenin'ity tantara ity ka tsara angamba raha mba hampahafantarina anareo mpamaky aloha ny momba azy.

Farintany iray, 48 kilometatra atsimon'Ambatondrazaka i Didy. Nosy voadidina farihy lehibe sy lalina tamin'ny andro taloha, ary lasa honahona sy madiva ho ritra mihitsy kosa ankehitriny. Ambohijanahary no renivoohiny, ary misy mponina 4000, izay mizara foko telo : Sihanaka, Bezanano ary Betsimisaraka. Misy koa nosy madinika mitsitokotoko etsy sy eroa. *Sary. 1.*

Fambolem-bary no tena antom-piveloman'ireo zanak'i Didy. Nefanisan'ny zavatra mampalaza azy hatry ny taloha, ka mandrak'ankehitriny koa ny fandratoana amalona sy patsa.

Koa raha arak'ireo toe-javatra voalaza eo ambony ireo, dia tena ozatry ny fiainan'i Didy ny lakana izay tokotany sy varavarana mampitohy azy amin'ireo nosy kely samihafa sy ny tanety.

(1) *Hardyman J.J.* 1964. "La pirogue géante de Didy", in *Civilisation Malgache, Faculté des Lettres et Sciences Humaines, n°1, Tananarive, p. 291-293.*



Sary mampiseho ny toetoetran'i Didy.

sary 1

Ahoana marina no fomba nahitana ity lakamena ity ?

Voalazan'ireo mponina ao Ambohijanahary i Didy, fa tamin'ny taona 1947, dia tazana niseho masoandro, hono, ity lakamena ity, saingy fotoana fohy ihany dia nanao veloma indray.

Ny taona 1959, kosa no fisehoany faharoa, saingy tsy mbola marim-pototra, satria toa fahagagana tamin'ireo mponina tao i Didy izany, ka somary nafenina. Mbola lohany kely koa moa no tazana tamin'izay.

Ny teny anefa tahaka ny atody ka rehefa fohy manan'elatra, nипитика tsikelikely ny tsiambaratelo, ary veloma atsy sy aroa ny fannontaniana.

Ny taona 1961, dia nihanaka toy ny solitany ny feo, ka na tsy hitan'ny maso aza, tsy avelan'ny fofona hiery, fa nitombo laza hatrany ity efa nandao.

Ary dia tamin'ny taona 1963, no tena teraka sy niseho masoandro, ary fanta-bahoaka indray ity zavatra sarobidy tokan'antany amin'ny zavakanto nenti-paharazana malagasy ity.

Raha ny fandinihan'ny olon-tsotra sy amin'ny fo tsy miolakolaka, dia ny faharitran'ity farihy lalina sy goavana nanodidina ny nosy i Didy no antony voalohany nahitana ilay lakana. Lasa monahona azo volem-bary mantsy izy ankehitriny. Fa raha ny fivavahana nentim-paharazana izay foto-pinoan-tsika malagasy kosa no halalinina dia antony manokana mbola tsy fantatra no nisehoan'ilay efa very ka hita indray.

#### NY TOETRY NY LAKANA SY NY TANTARANY.

Hazo ala lehibe iray tsy mivaky no nanaovana azy : 10 metatra ny halavany, 1 metatra ny habeny ary 0,90 metatra kosa ny ahavony. Somary kely kosa anefa ny lohany. Ny lanjany dia tsy fantatra fa angamba olona 20 lahy no mety mahabata azy. Raha hatramin'ny taon-jato faha-19 ka hatramin'ny andro iainantsika izao dia tsy ahitana hazo lehibe toy itony intso ny eto Madagasikara.

Ny zavatra tena mampiavaka azy amin'ireo lakana fahita ankehitriny any an-dranomasina na an-dranomamy, dia ireo nono roa lehibe mivo-hitra eo amin'ny loha-lakana anatiny, ary misy toy izany koa eo amin'ny vodiny. Saty 2

Ny filazan'ireo zoky olona ao Ambohijanahary dia lakam-bavy ity, ary natokana hitondra ny vehivavy. Voalaza koa mantsy fa misy roa ny lakamena : ny iray vavy dia ity resahin-tsika ity, fa ny iray kosa lahy izay mbola tsy hita.

Tsy mbà nahazo niray lakana mantsy, hono, ireo olona taloha tao i Didy, rehefa mita rano, fa samy manana ny azy ny lahy sy vavy.

Ny vatam-paty (ringo amin'ny Zafimaniry), dia mitovy tsy misy hafa amin'io fomba voalaza io. Izany hoe tsy miray fasana ny lahy sy vavy. amin'ny "Zafimaniry mponina ao an-tsinanan'Ambositra" fa sarahina, ka ny ringo misy ny vehivavy dia misy nono roa lehibe ivelany an-doha.

Ny Pasitera Hardyman dia nilaza fa nisy nono toy izany koa ny tsivalan-trano Bezanozano sasany taloha, sy ireo sokitra vato teto Imérina.

Misy loaka roa lehibe ny lakana, izay nolazain' Ingahy Randriakoto André 1964 (2), fa ninian' ireo tompon-dakana natao rehefa tafita izy ireo, mba hampilentika ny lakana, ka tsy ho hitan'ny fahavaloo ary tsy ho azony hampiasaina intsony. Rehefa nandinika izany anefa ny mpanoratra dia mandà, fa noho ny fahelan'ity lakana no nampisitaka ny aty hazo ; porofon'izany dia mbola hita tao anatiny freo sila-kazo, ary mbola azo hapetaka tsara, fa raha tsy izany kosa dia tsy maintsy ho nariany tanteraka ireo silankazo. Mbola tavola tao anaty lakana koa ny fivoy saingy somary efa ratsiratsy. Eo amin'ny vody lakana kosa anefa dia marihina fa misy loaka lehibe nefo mitampina hazo izay azo esorina sy hapetaka. Tsy fantatra io na nitsoaka ho azy na zavatra niniana natao mba ahamora ny fandetehana ny lakana, sy handritan-drano azy.

Mbola hita tao anaty lakana koa ireo vato maromaro sy tapa-kazo, izay hinoana marina fa fiadiana hamelezana ny fahavaloo rehefa mifandramatra, satria mbola tsy nisy basy tamin'izany fotoana izany. Sary 2

Tsy ny fanjonoana amalona, na patsa, na ny fivezivezena tamin' ireo nosy fotsiny koa mantsy no tena nilàna ity laka-piara, fa nanavotana ny aina koa indrindra indrindra, tsy ho babon'ireo fahavaloo.

Voalaza mantsy fa nifandrato ady sy nifambabo ireo foko malagasy samy hafa teto Madagasikara. Anisan'ny notadidomin doza tokoa ireo mponina tao i Didy, fa notafian'ny Sakalava sy ny Tankarana matetika. Nefo noho ilay farihy lalina sy lehibe zary manda nanodidina azy, dia tsy voa-tohintohina ny fiandrianany.

Ary raha tojon'ny patsa iray tsy omby vava izy ireo, dia nihondrana anatin'ireo lakana, ka lasa nitsoaka.

Marihina fa mahazaka olona dimam-polo ity lakana ity. Olona 100 izany no indray mihondrana an-dakana, satria 50 no entin'ny lakan-dahy, ary 50 koa ny an'ny lakam-bavy.

Araky ny lovan-tsofina, dia manana hasina manokana ity lakana ity, ary mifandray amin'ireo razana efa lasa nodimandry izany zony izany.



Indray andro mantsy, hono, dia nisy lehilahy iray namadika ny mpiray monina taminy. Niala tao an-tanàna izy, ary tsy hita izay nanjavonany nandritry ny volana vitsivitsy. Nifandray tendro tamin'ny Sakalava fahavalony izy, ka noborahiny daholo ny tsiambaratelon'i Didy. Nahazo toky iretsy ka tonga nanafika tokoa.

Variana nihira sy nitotorebika aok'izany anefa ny tao an-tanàna tamin'izay, ka tsy nahita izay nihavian'ireo hifofo ny ainy. Fa ilay lakanana tao amin'ny fitàna kosa, dia nandiha sy nihetsika samy irery, ka lasa nanatona ireo fahavaloo. Tsy nahafantatra moa iretsy fa tonga dia nihondrana daholo. Nony tonga tao ampoovoan-drano anefa ny lakana, dia nivadika ho azy ka maty ringana tao anaty rano ireo mpanafika.

Ny anarana hoe *lakamena* dia : *lakana + mena* ka tsy fantatra na mena tokoa izy io taloha na tsia, fa izao dia tohin'ny volonkazo tonta tsotra ihany no fahitana azy. Fa raha ny fomba Betsileo kosa no hofakafakaina, ny teny hoe mena, dia mitory fiandrianana, mpanjaka, masina, na olo-na mendrik'haja ohatra.

---

(2) Randriakoto André "Ilay lakamenan'i Didy - Vaovao 17 january, 1964.  
1964 p. 1-4-7-9-10



Trañomena = fasan'Andriana na Mpanjaka. Misy koa fiteny manao hoe : arahabain-tsy Andriana avela miakanjo *jaky* =mena ; izany dia mtola manambara fiandrianana na hasina.

Koa raha ny anaran'ity lakana ity dia ahazahoantsika maminany, fa masina sy ambony ny toerana misy azy. Tao amin'ny andro izay hampakarana ny lakana ka handefasana azy taty Antananarivo aza dia mtola niandry tsindrimandry nanofy avy amin'ny Razana ireo mpionin'i Didy.

Firy taona marina ity Razamben-dakana ? Andeha handinika ny tantara isika, ka hitodika ny lasa :

- A) - Voalaza amin'ity lahatsoratra ity fa nampiasaina ary niaina tamin'ny fotoana nisian'ny adim-poko samihafa teto Madagasikara ity lakana, tany amin'ny taon-jato faha-XVII izany (1700).
- B) - Andrianampoinimerina (1787-1810) izay namory ny Malagasy ho iray tsy mivaky no nanapaka sy namoana ireo adim-poko madinika voalaza etsy ambony.
- C) - Ny fandinihana (*analyse par la méthode du Radio Carbone 14*) momba an'i Vohitrandriana, dia manome 250 taona (R. Battistini ary P. Véritin, 1964. (3).

Ity Vohitrandriana ity moa dia toerana avo sy masina no renivohity Sihanaka taloha elabe koa, izay tsy misy olona intsony ankehitriny fa ny fasan'Andriana sy ny toeram-panasinana no sisa mijoalajoala ao. Tanana izay tokony niara-belona tamin'i Didy koa izy.

Rehefa akapoka ho iray ireo vanim-potoana telo voalaza etsy aloha, dia tokony ho 250 na 300 taona ity lakamena ity amin'izao taona 1976 izao.

Ny alatsinainy 16 Desambra no nitaritana ny lakana tao anaty fotaka hiakatra an-tanety.

Ny talata 17 desambra no nampakarana azy tao Ambohijanahary, tanana 5 kilometatra avy eo amin'ny Nosy i Didy sady renivohity ny kantao.

Ary ny 18 Desambra 1963 kosa no nanaovana ny lanonana ofisialy, sady nikarakarana ny fampakarana ny lakana aty Antananarivo.

&

& &

Tsy ho haintsika hadinoina Ingahy Rason René mpiasa ao amin' ny "Université , Faculté des Lettres" izay nitoto nahafotsy, nahandro nahamasaka, vy nahitana sy angady nananana ity lakamena ity. Ary koa ireo mpionin'i Didy sy ny manampahefana tao Ambatondrazaka, nifanotrona, nanao soroka niara-nilanja sy tongotra niara-namindra tamin'ny asa goavana, sy ny lanonana ho fanomezam-boninahitra ny sola-pangadin'ireo Razana.

(3) R. Battistini et P. Véritin - "Vohitrandriana, haut-lieu d'une ancienne culture du lac "Alaotra", in Civilisation Malgache n°1, Faculté des Lettres et Sciences Humaines, Tananarive, 1964, p. 53 à 90.-